## Ny Valosoa sy hadihady

### Feno Emmo-Reg Antananarivo omaly

# Tora-kovitra sy mihorohoro vao maheno hetsika ny fitondrana Rajoelina

Gaga ny rehetra nandalo an'Ambanidia, Ambohijatovo , Analakely fa feno mpitandro filaminana Emmo-Reg eran'ny tanàna. Fa misy inona indray hoy ireo mpandalo no misy an'izao ? Raha ny zavatra hita dia toa hoe misy mikononkonona hidina andalambe manoloana ny fahasahiranana mianjady amin'ny vahoaka Malagasy ankehitriny , ny tsy fisian'asa sy ny fidangan'ny vidim-piainana, sns… Avy hatrany dia nandray andraikitra ny mpitondra fanjakàna nampidina ireo mpitandro filaminana maro be hisakana ireo izay mikendry hanao izany . Raha ny fahalalana azy anefa dia olona tsy mpanao politika ireo nikasa hidina andalambe ireo, voalaza fa ho niainga avy any amin'ny boriboritany izy ireo. Tora-kovitra sy mihorohoro ny fitondrana Rajoelina vao maheno izany, ka dia namoaka ireo mpitandro filaminana marobe ireo. Raha ny zavatra hita aloha dia mihàtra eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ny jadona , tsy hita eto izany demokrasia izany, fa raha vao manohitra ny fitondràna indrindra fa ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) dia tonga ny be baoty mandrava izany na dia ao anaty toerana mifefy sy fanan'olona manokana aza. Ny mpitondra fanjakàna sy izay metimety aminy dia avela halalaka na dia manohintohina ny fifamoivoizana aza. Manjaka eto Madagasikara ny mizana tsindrian'ila vokatr'izany . Hita ilay tahotra ny antoko mpanohitra indrindra ny TIM, araka ny fanambaràna mivoaka ny vavan'ny olona eny rehetra eny . Ny filoha Andry Rajoelina etsy ankilany, manao teny tsy voahevitra izay mbola tsy nisy tao anatin'ny 60 taona. Mbola filoha ve no miteny izany hoy ny maro ? efa manakaiky ny fialàny matoa manao teny tsy voahevitra ohatra izany ny mpitondra fanjakàna hoy indray ny hafa. Hita taratra amin'ny zavatra misy ankehitriny, fa famonoana afo sisa no ataon'ny fitondràna Rajoelina. Inona intsony no vita ao anatin'ny ENIMBOLANA farany hipetrahana eo amin'io seza efa mihilangilana io . Fampiasana ny fahefana amin'ny alalan'ny mpitandro filaminana hampihorohona sisa no fitaovana eo ampelatanany . Ny hery tsy mahaleo ny fanahy, ka dia ho hita eo ny ho avin'i Madagasikara izay efa mihohoka amin'ny tany ankehitriny.

***Helisoa***

### Zaza Ramandimbiarison

# Very hasina ny fanaovana politika eto Madagasikara

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana indray, ny mpanao politika, Praiministra lefitra teo aloha, Zaza Ramandimbiarison: "Viravirain'ny firenenna matanjaka fotsiny ireo mpanao politika mitondra, sy ireo sasantsasany mitsangana hofidiana ho filoham-pirenenna. Mbola misy ve mpanao politika matotra manan-kevitra sy tarigetra ambony toa ny teo aloha ? Nihena dia nihena ny mpanao politika matotra. Very tanteraka ny lazan'ny mpanao politika toa an'i Jean Ralaimongo, Dr. Joseph Raseta, Dr. Joseph Ravoahangy-Andrianavalona, Jacques Rabemananjara, Philibert Tsiranana, Richard Andriamanjato, Gisèle Rabesahala, Didier Ratsiraka. Nahasarika Malagasy maro izy ireo noho ny fahaizany izany atao hoe politika, mifototra amin' ny foto-kevitra mazava sy matanjaka izany tamin' ny fotoan'androny. Tsy hita intsony ny olona toa an'i Monja Jaonina, izay azo lazaina fa tena reharehan'ny Malagasy ny fitiavany tanindrazana. Toa izany koa i Manandafy Rakotonirina tamin' ny fananany fahaizamanao tamin'ny fanentanam-bahoaka teto amin' ity firenena ity. Tsy misy mpandimby ara-politika intsony ry Celestin Radio sy Razanabahiny Marojama. Tsy manana fotokevitra ijorona na aroso sy ho entina amin'ny fanatsarana ny fiainana politika sy ny vahoaka intsony ny ankamoroan' ireo mpanao politika ankehitriny. Mikoroso fahana tanteraka ny fiainan'ny Malagasy any amin'ny faritra rehetra any, ka mihazakazaka mamonjy renivohitra, mitady izay harapaka ny olona. Mpanararaotra, mpanara-drenirano sy mpisolelaka sisa ny ankamaroan' ny mpanao politika. Tsy mahafeno maso ny vahoaka Malagasy intsony. Sady manaonao foana matetika no tsy ampy traikefa, fa mitady tany malemy hanorenana angady, ka ny vola mora azo sy tsy nisasarana no mibaiko ny mpanao politika. Ny mandaiga, ny kobaka ambava, ny mitenitenу foana no betsaka. Mpanararaotra sy mparana-drenirano ka very hasina sy very laza. Ihomehezan'ny olona aza rehefa mba maneho hevitra, indrindra, ihomehezan'ireo vahiny ka mahamenatra. Miankin-doha amin'ny hafa sisa. Indrisy, potiky ny vola maloto azo amin'ny tsy fahamarinana ny fanaovana politika. Ankehitriny, anatin'ny fotoana fanomanana ny fifidiana filoham-pirenena indray isika eto Madagasikara. Ireo meritreritra hirotsaka hofidiana ho filoha dia samy efa mihetsiketsika avokoa, ary mampiseho sahady fa kandida matanjaka, manambola hono. Ny filohan' antoko iray aza sahy nilaza, fa raha tsy manambola dia aza milatsaka fa mandrebireby vahoaka. Mampalahelo indrisy . Tsy manana foto-kevitra mazava izay tokony naseho nandritry ny fotoana lavalava mandresy lahatra, mba ho arahan' ny olona. Indrisy, ny andrefesan'ny mparana-drenirano ny tanjak' izay ho kandida ho tohanana amin'izao fotoana izao dia ny vola fotsiny sy ny kobaka ambava , eny indrisy fa na dia misy porofo mazava izao ary fa tsy manana toetra sy fomba fiainana mendrika. Tsy foto-kevitra lehibe na vina mazava hahazoan'ny Malagasy tsiraray ny anjara masoandrony no hijoroandry zareo, fa vola, voninahitra sy indrisy, ampirevy ireo mpiaradia aminy. Manao izay hahazoana ny fahefam-panjakana fotsiny amin' ny fividianana ankolaka ny vato ny malagasy, mba hanararaotany ny volam-panjakana ho an'ny tombontsoa manokana. Tsy izany mihitsy no fampiharana ny atao hoe demokrasia. Sarotra no inoana fa vola madio no entin-dry zareo hanaovana fampielezankevitra. Tsy misy na iray aza amin' ireo miseho matanjaka ara-bola amin'izao fotoana afaka milaza, fa manana vola madio azo tamin'ny faharetany tamin'ny asany, na avy amin' ny Malagasy mpiara-dia aminy. Resaka sy fitaka maloto fotsiny. Ny loharanom-bolan'ireo mpisehatra politika ireo dia mazava : na volampanjakana no ararаotina, na vola azo tamin'ny fanondranana an-tsokosoko harem-pirenena, na vola avy any ivelany, avy amin'ny « mpanani-bohitra mpandroba harena », na avy amin'ny « vahiny mpanam-bola » eto antoerana, toy ny karana. Vola azo tamin' ny tsy fahamarinana daholo." Ny tànana efa zatra mitsotra dia tsy afa-mivonkona intsony," hoy ny fahendrena Malagasy. Tandremo tandremo ry malagasy mpiray tanindrazana; mieritrereta tsara, halalino sy diniho tsara izay vao manapa-kevitra, mba tsy hanenenana rehefa any aoriana. Indrindra indrindra fanapahan-kevitra izay hisy fiantraikany amin' ny fiainana ho avy, indrindra ho an'ny taranaka faramandimby. Efa aman-taonany maro izao, no niainana izany fomba fanaovana politika maloto miaraka amin'ny fampiasana vola maloto, azo tsy ara-drariny izany. Ny vokany : mahantra avokoa ny Malagasy ankehitriny. Porofo mitohoka amin'ny tenda izany, fa tsy mety intsony izany fomba fanaovana politika maloto izany. Fotoana izao ijoroana amin' ny tena fanaovana politika marina, miainga amin' ny foto-kevitra madio sy fanovana ho any amin' ny tsara sy marim-pototra, miainga amin' ny fahamarinana. Ny trafonkena ome-mahery, koa am-bava homana am-po mierotra. Dia hiadana sy ho finaritra anie ny Malagasy rehetra.

***Nangonin'Isambilo***

### Mpanakanto sady depiote Rossy

# Milamina ny OMDA vao hanao seho misy endrika politika



Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena ny mpanakanto sady depiote Rossy, na Rahasimanana Paulbert, nandritra ny fankalazana ny taom-baovao Malagasy volana martsa-aprily, amin' ny fotoanan' ny fararano, nomarihana omaly sy afak' omaly. Nambarany fa:"tsy handray anjara amina fampisehoana misy endrika politika intsony aho mandrapilamin'ny raharaha OMDA. Tsy mahavita aho fa aleo ho vitain'ilay henjana be ao aminay. Ny ao aminay tsy miady an-trano fa mampirin-trano , izany hoe misy ny olona avy any ivelany nampidirina tao an-trano avy amin'ilay resaka hoe cerveaux , ouverture , nangatahan'ny communauté e ! rehefa tafiditra tao anatiny ireo dia izahay no nailik'ireo voalohany . Izaho manokana, izaho tsy atao an'izany . Raha mitady porofo hoe nanohana fanjakana aho , dia manana facebook aho hatramin'ny naha depiote ahy. Efa in-2 izay, vakio daholo ny ao, fa raha mahavita ny vitako tao ianareo dia mitovy isika , fa raha tsy izay dia tokony hakombon'ilay olona ny vavany . Mahay vavabe ilay olona, no sady manimba Zavatra , moa izaho lehibeana sendika . Dia izaho rehefa miteny dia mitondra tenin'ireo artista rehetra namako, ka tsy tiako afangaro ireo . Rossy dia tsy handray anjara amina fampisehoana misy endrika politika intsony mihintsy aloha, raha tsy mba milamina ilay reska OMDA, fa menatra amin'ilay namako aho. Problème kely io ve dia tsy voavahana fanjakana . Rajaonarimampianina anie teo nalehanay tany dia niverina tamin'ny soniany e! Naveriny mihintsy ilay directeur teo aloha ary tsy menatra izy, satria ilay artista no jereny , dia ny anay ve dia tsy hahavita an izany, fa matoa izy tsy manao dia misy misakana azy ao. Mandra-pilamin'io, izaho dia tsy handray anjara intsony amina fampisehoana misy endrika politika na ho an'iza na ho an'iza. Namako daholo ireo milatsaka ho fidiana rehetra ireo . Izaho sady tsy miady aminy no tsy tezitra aminy, fa hipetraka aho amin'ity hanaja tena . Tsy mahavita aho fa aleo ho vitain'ilay henjana be ao aminay."

***Stefa***

## TONONKALO

### MPITONDRA TSY AMPY SOLAITRA

Rehefa mpitondra no tsy ampy solaitra
Dia tsy afa-misondrotra ny firenena,
Fa ny azy ny maika dia ny haitraitra
Sy ny rendrarendra fandrebirebena.

Izay hoe fampianarana dia tsy taranjany.
(Ny olo-mahay aza dia fahavalony !)
Vola sy harena no heveriny ho tanjany.
Ireo no hirahira ary koa tononkalony !

Izay hanabe an`iretsy vahoaka
Dia zavatra toa tsy ampiasàny ny sainy.
Ny lainga sy fitaka be mipoapoaka
No tena ankafiziny sy tena hainy !

Rehefa mpitondra no tsy ampy solaitra,
Dia ny herin`ny vatany no arangarangany.
Angamba fiadiana lazainy ho mandaitra
Ny bika ary koa ny halavàn`ny sangany !

Rehefa mpitondra no tsy ampy solaitra,
Dia tia dehadehaka be toy ny gisa.
Heveriny f`izy no tsara sy raitra,
Kinanjo dia "aotra" , tsy mahay manisa !

Rehefa mpitondra no tsy ampy solaitra,
Tsy misy mamiratra ireo hojerena.
Vao mainka ho mangidy sy tena mafaitra
Ny zavatra hanjo an`ity firenena !

***DADAN`i ZINA (21-03-23)***